ARIVONIMAMO 4

# LEHILAHY MATY NANANTON-TENA TAO AN-TRANO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7564 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 09 may 2023


MARINA IZANY ! 7

## MIFAMAHOFAHO !

AKON'NY BASKET - BALL

## NODIMANDRY I "RAPO DEVISE" FRANCE

2



VONDRONA EORÔPEANA 7

# TSY MANDÀ TETEZAMITA RAHA IFANARAHAN'NY HERY REHETRA



CENI 7

## TSY MISY LISITRA FANAMPINY NY AO TOLIARA II

LUDYSOA SY NATHAN 2

## HIJANONA 15 ANDRO ETO MADAGASIKARA



POLYTEKNIKA ANTANANARIVO 3

# HAMPIATO NY FAMPIANARANA

Lahatsoratry ny Masoivoho rosiana eto Madagasikara, Andriamatoa Andrey Andreev "Momba ny anjara-toeran'I Rosia eo amin'ny fanamafisana orina an'izao tontolo izao marolafy sy momba ny fifandraisan'I Rosia sy Madagasikara"

pejy farany

G-CL 508/1-1







Ludysoa sy Nathan

# Hijanona mandritra ny 15 andro eto Madagasikara

*Hizara traikefa anatin'ny seho hotanterahany etsy amin'ny CC Esca Antanimena ny 20 may izao izy mianadahy.*



**Hihaona manokana amin'ny mpankafy etsy amin'ny La City ry Soa ny 13 may izao.**

Mandalo eto Madagaiksara i Ludysoa sy Nathan ao amin'ny Soa, rehefa tsy tazana teto nandritra ny 7 taona. Tery dia tery ny fanadaharam-potoanan'izy mianadahy fa ny goavana indrindra dia ny seho etsy amin'ny CC Esca ny 20 may amin'ny 2 ora sy sasany. Fampisehoana tokana io, ary nosafidiana manokana ny toerana noho izy io mahafeno ny fepetra takian'ny lafiny teknika rehetra. Tanjon'izy ireo rahateo ny hizara ny traikefa sy ny dingana nolalovany teo amin'ny sehatry ny mozika iraisam-pirenena.
Tao anatin'ny "The voice" France no nampisandratra azy ireo , ka nandraisan'ilay mpihira malaza Pascal Obispo an-tanana azy ireo. Fotoana fohy taorian'izay, nandray anjara tamin'ilay fifaninanan-kira "Eurovision" izy mianadahy, nitondra ny anarana Soa. "*Tsy ho tazominay ho anay irery izany fa hafaliana ho anay ny mizara azy ho an'ny Tanora sy ny mpankafy mozika*" hoy izy ireo.
Nambaran'izy ireo, nandritra ny valan-dresaka hoan'ny manao gazety tetsy Radisson Ambatonakanga omaly , dia hisy vahiny tsy ampozina hanafana ny sehatra amin'io fotoana io ankoatra ny fahatongavan'i Donné Valiha. Ny tapakila dia efa azo jifaina etsy amin'ny La City Ivandry, Akoor Digue Andohatapenaka sy Tanjombato, Antaninarenina sy amin'ny alalan'nyTicket place. Fa ankoatra izay dia hihaona amin'ny mpankafy etsy amin'ny La City izy mianadahy ny 13 May izao ary misy tapakila amidy amin'io fotoana io. Aorian'ny fampisehoana moa dia hitsidika an'i Mahajanga ny ekipan'ny Soa mialoha ny hiverenany any Frantsa.

**Tiaray R**

Tontolon'ny dihy

# Mizara ny talentany any Mahajanga i Navin

Raha vao miresaka hoe Navin. Ny tontolon'ny dihy no mby ao an-tsaina avy hatrany. Niara-niasa tamin' ny tarika sy mpanakanto maro izy hatramin'izay teto Antananarivo. Farany teo, niaka-tsehatra nandravaka ny fampisehoan'i Poopy tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina izy. Araka ny fantatra efa any Mahajanga izy ankehitriny. Nambarany, fa nandalo ihany izy teto, fa efa mioriponenana any Mahajanga ankehitriny. « *Efa mipetraka aty Mahajanga aho. Nanangana fikambanana mpandihy, izay ahitana tarika mpandihy maro samihafa. Hizarako ny traikefako hatramin'izay ireo, hampanaoviko fiofanana ihany koa no sady maka kely amin'izay ataony ihany koa aho. Mifampizara talenta* », hoy izy.
Marihina fa mahafehy karazana dihy maro i Navin, ary mampianatra dihy ho an'ny rehetra manomboka 7 ka hatramin'ny 77 taona. « *Miezaka mandalina karazana dihy aho, Tsy tia maka tahaka na manara-drenirano fotsiny* », hoy izy.

**Fy**


**Mamorona karazan-dihy maro i Navin.**



Mikaya

# Miketrika rakikira any Dubai amin'izao

Miketrika rakikira any Dubai i Mickaya amin'izao, mpanakanto iray vao nisandratra eo amin'ny sehatry ny mozika izy kanefa dia miezaka ny manolotra zavatra tsara sy miavaka ho an'ny rehetra sahady. Haparitaka amin'ny haino aman-jery maro izany hoy izy rehefa masaka mba hohitan'ny olona rehetra sady mba hitombon'ny mpankafy azy ihany koa. Tanora iray avy any Itasy Rafandresena Fisainana Fanantenana Kevin antsoina hoe "Mikaya" amin'ny maha mpanakanto azy. Nanomboka ny taona 2018 izy no niketrika hira voalohany, efa manana hira maromaro izy amin'izao, ny telo efa vita rakikira, 24 hafa kosa mbola feony fotsiny. Efa naparitany amin'ny onjam-peo indrindra fa any amin'ny faritra izay niaviany izany ka efa betsaka ny mankafy mihaino ireo hirany ary maro no efa miandry izay vokatra vaovao ho avoakany. Telo mianadahy moa izy ireo ary izy no zokiny indrindra. Ho an'izay te hifandray aminy dia afaka mitsidika ny pejy fesiboky Mikaya Music ofisialy.



**I Mikaya.**

**Tanya.R**

Mpanao gazety ara-panatanjahantena

# Nanolo-tanana amin'ny saram-piofanana ny OPL

Lelavola 1tapitrisa ar. omaly tetsy Andoharanofotsy no natolotry ny Orange Pro League Madagasikara, ny fikambanan'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena(UJSM). Hanampiana amin'ny saran'ny fiofanana hatrehan'izy ireto, izay hampanaovin'i Romain Grimaud eo Madagasikara amin'ny 30 may hatramin'ny 2 jona. Nanambara ny filohan'ny CFEM, Rakotoarimanana Henintsoa, fa ilaina foana ny fifanomezan-tanana, ary tafiditra anatin'ny fiarahamiasa eo amin'ny mpanao gazety sy ny Orange Pro League izao. Manantena ny tenany, fa hitondra vokatsoa sy fivoarana ho an'ny mpanao gazety ny fiofanana, ary hampandroso ny baolina kitra Malagasy ihany koa. Nisaotra ireto mpitantana ny OPL ireto ny filohan'ny UJSM, Rasanda Serge amin'ny fanampiana ny fikambanana. Betsaka, hoy izy no maniry handray anjara amin'izany saingy sakana ny saran'ny fiofanana. Tsiahivina, ferana 40 no isan' ny mpiofana, izay ny klioban' ny 67 City Fc no tomponkevitra tamin'izany, tamin'ny alalan'ny filoham-boninahiny.




**Ny filohan'ny UJSM miaraka amin'ireo anivon'ny CFEM.**

**Rabenaivo**

## Akon'ny Basket-Ball

**Nodimandry i Rapo Devise "France"**

Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena malagasy fa tsy ny taranja basket-ball irery ihany. Nindaosin'ny fahafatesana i Rapo Devise, nantsoina tamin'ny solon'anarana hoe "France", niaraka nilalao tamin-dry Carter / Liva / Rakômandô / Hery "Ravom" / Deparcoin / Ricky / Faze / Deda…tao anatin'ny ekipam-pirenena fahiny. Azo lazaina fa andrarezin'ny filalaovana basket-ball izy fony fahavelony, ary tsy ambaka tamin'izany koa ny hand-ball sy ny baolina kitra, izay nananany talenta avokoa. Tany Toliary no nipoirany nanaovana fanatanjahantena, ka ny kliobàn'ny Jirama no tena nampisongadina azy teo amin'ny basket sy ny hand-ball. Nasongadin'ny zokibe Naina Rabearivony, mpanao gazety ara-panatanjahantena fahiny tao amin'ny RNM, ho anisan'ny mpilalao malagasy avo lenta teo amin'ny basket-ball i Rapo Devise, "tary" tsotra be fitsikiana. Rakotra mpijery baolina, mientantena ny kianja mitafo, rehefa miakatra kianja izy sy ireo namany voatanisa eo ambony ireo. Mampionona sy mampahery ny fianakaviany izahay eto amin'ny Gazetiko.

**FIBA 3X3 : Tsy tafita ny Ankoay vavy**

Nifarana hatreo amin'ny lalao sakana, natao tany Eliat (Israel), ny dian'ny Ankoay vavy, izay nitady tapakila hiatrehana tamin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany 2023 any Vienne (Autriche) amin'ny sabotsy 02 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 04 jolay 2023. Sarotra tamin-dry Sidy sy ry Muriel ary Chine sy christiane ny nanakana an'ireo rahavaviny aostralinina, nahaitana an-dry Keely Froling / Miela Elisabeth Goodchild / Marena Whittle / Alex Wilson) sy tseky lava ranjanana, izay samy nandavo azy tamin'ny isa 21 no ho 9 avokoa. Ireto avy ny ekipa tafavoaka tamin'ny lalao sakana : Vehivavy : Australie – Israël – Republique Tchèque ; Lehilahy : Hongrie – Israël – Slovénie.

**"Coupe de Boeny" : Lasan'ny GNBC ny amboara**

Tamin'ny isa tery dia tery 79 no ho 77, kanefa ampy nandrombahany ny amboaran'ny Ligin'i Boeny, no nandresen'ny GNBC Analamanga ny ASCUT Atsinanana. Teo amin'ny ampahefa-potoana voalohany dia tamin'ny isa 23 no ho 16 no nandresen'ny ASCUT ny zandary. Nihoitra ry Danz sy namany ka notarihany ny isa teo am-pialantsasatra (36/34). Nivadika anefa ny rasa teo amin'ny ampahefa-potoana fahatelo fa nilaozan'Atsinanana tamin'ny isa 60 no ho 50 ny ekipan'Analamanga. Rehefa nihoitra anefa ny GNBC dia resiny ihany ny mpifanandrina taminy.

**aris rafaly**

Kitra - " Prize Money "

# Ny antsasaky ny 500 000 dôlara no nomena ny mpilalao

Taorian'ny antso nataon'ny filoham-pirenena ny faran'ny herinandro teo, namoaka ny fomba hitsinjarana ilay « Prize Money », ny teo anivon'ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra omaly. Fantatra tamin'izany fa ny antsasaky ny vola 500 000 dôlara azo tamin'ny CHAN 2023 no homena ny mpilalao, izany hoe samy mahazo vola manodidina ny 40 tapitrisa ar. ireo mpilalao tsirairay avy. Ny ampahafolony kosa hozaraina amin'ireo klioba nisy ireo mpilalao, ny ampahadimy homena ireo ligim-paritra nisy ilay klioba. Mahazo ampahadimy ihany koa ny Orange Pro League Madagasikara ary 30% ny an'ny federasiona. Tsiahivina, anisan'ny tena naresaka be teny anivon'ny tambajotrantserasera tamin'ny faran'ny herinandro teo ny mahakasika ity vola azo avy any amin'ny CAF ity, izay taorian'ny dingana, laharana fahatelo azontsika tany amin'ny CHAN 2023. 500 000 dôlara na manodidina ny 2 lavitrisa Ariary ilay izy. Nanomboka nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mpilalao rehefa nampanantsoin'ny federasiona tetsy Isoraka, izay nanantena hahazo ilay vola saingy voalaza fa mbola miandry antontan-taratasy avy any amin'ny FIFA sy CAF. Nafana nanomboka teo ny raharaha satria dia samy namoaka ny tsy fahafaliany tanatin'ny FB avokoa ireto mpilalao ireto. Ny ampitson'io, nisy nilaza fa efa naharay vola tany amin'ny compte-ny, saingy tsy afa-po tamin'izany satria dia 30% na 25 tapitria ar. no voarainy. Niditra an-tsehatra mihitsy ny filoham-pirenena teny lavoloha, niantso ny teo anivon'ny FMF mba hizara ara-drariny izany vola izany. Tsy niandry ela, ny ampitson'io, namoaka tao anatin'ny pejy FB-ny ry zareo FMF, amin'ny fitsinjarana izany « prize money » izany. Antenaina, samy handray lesona tamin'iny tranga iny ny rehetra, ka mba tsy hiverina intsony izany amin'ny manaraka.

**Rabenaivo**

Polyteknika Antananarivo

# Hampiato ny fampianarana manomboka anio ny mpampianatra

*Mangataka ny hisian'ny fangaraharan'ny fahazoan-dalana ho mpiasa raikitra.*

Hampiato ny fampianarana ireo mpampianatra an-tselika eny amin'ny Polyteknika eto Antananarivo manomboka anio talata 9 mey 2023. *''Antony mitaky ny fandoavana ara-drariny ny valinkasasarana na ny "vacation" izahay. Aloa avokoa ny "vacations" rehetra nanomboka ny taom-pianarana 2018-2019 izay mbola misy 75 isanjato tsy azo ka hatramin'izao taom-pianarana izao. Tsara ny manamarika fa miasa maina ary miala vola am-paosy izahay mpampianatra an-tselika manao ny asa fampianarana ary miezaka hampandeha izany. Mangataka izahay ny hisian'ny fangaraharan'ny fahazoan-dalana ho mpiasa raikitra na ny "recrutement". Atao mazava ny rafitra amin'ny masontsivana fandraisana ho fonksionera mba tsy hahatonga resa-be sy fanontaniana amin'ny maha-tafiditra olona iray. Misy ireo hita fa tsy aradrariny ny mbola maha mpampianatra an-tsekila azy manoloana ireo hafa efa voaray ho mpiasa raikitra. Mangataka koa izahay mba hisy solontena avy amin'ny sekoly ao anatin'ny kaomisiona: mba hahamora ny fampandrenesana anay vakatera mombamomba ny fandraisana ho mpiasampanjakana raikitra''*, hoy ny sombin'ny filazana fampiatoana fampianarana nataon'ireo mpampianatra an-tselika. Etsy ankilany, mitaky ny fahazavan'ny lalan'ny antontan-taratasy amin'ny fifantenana ny mpampianatra mpikaroka ho raisina. Raha ny sata mifehy ny mpampianatra an-tselika dia natao ireo fangatahana ireo mba hampirindra tsara ny fampianarana eny anivon'ny sekoly ary mba ho fanajana ny asa izay atao. Miandry ny fandoavana ny vola 75 isanjaton'ny ''vacations''-ny izay notakiany voalaza eny aloha ireo mpampianatra an-tselika.

**Heriniaina A.**

Fiombonamben'ny Fadintseranana aty Afrika

# Mampiantrano ny fivoriana faha-37 i Madagasikara

Mandray fivoriana goavana ny Fadintseranana Malagasy. Tanterahina ny 8 ka hatramin' ny 10 may 2023, ao amin'ny Novotel Ivandry, ny fivoriana faha-37-n'ny Komity mpitarika ny birao rezionaly misahana ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo anivon'ny Fiombonamben'ny Fadintseranana maneran-tany na ny OMD aty amin'ny faritra Atsinanana sy Atsimon'i Afrika. *"Fanindroany no nandray ity fivoriana ity ny teto Madagasikara, ka tamin'ny volana novambra 2022 ny fivoriana voalohany. Efa tokony tamin'ny taona 2020 no nanatanterahana ireto fivoriana ireto niaraka tamin' ny fanamarihana tokony natao tamin'ny fahatratrarana ny faha-200 taonan'ny Fadintseranana Malagasy, saingy tsy tanteraka raha tsy ankehitriny noho ny fipoiran'ny valanaretina "Covid-19". Hojerena mandritra ny fivoriana ny politika ankapoben'ny fitantanana ara-bola sy ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo anivon'ity Fiombonambe rezionaly aty Atsinanana sy Atsimon'i Afrika ity. Hoentina eo anivon'ny fivorian'ny filankevi-pitantanan'ny OMD, izay hatao amin'ny volana jona ho avy izao any Bruxelles, ny fehin-kevitry ny fivoriana."*, hoy ny Tale jeneralin'ny Fadintseranana Malagasy, Zafivanona Lainkana Ernest. Manodidina ny 100 ireo mpizaika avy amin'ny firenena 24 mivondrona ao anatin'ity fiombonambe rezionaly ity hanatrika ny fivoriana, ka anisan'izany ireo Tale jeneralin'ny Fadintseranana 24 sy ny Sekretera jeneralin'ny OMD.



**Lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fivoriana teny Ivandry omaly.**

**R. Muray**

Lycée Mixte Diégo

# Tontosa omaly ny famindram-pitantanana teo amin'ny "proviseur"

Efa niverina amin'ny laoniny ny fampianarana ao amin'ny Lycée Mixte Diego rehefa nisavorovoro andro maromaro izay. Nanaiky niala ny « proviseur » teo aloha, Andriantsoa Guy, ary notanterahina omaly ny famindram-pitantanana teo aminy sy Atoa Jacquelin « proviseur » vaovao. Fanapahankevitra avy amin'ny minisitera foibe moa no manala azy na volana vitsy aza sisa dia hisotro ronono ny tenany. Notakian'ireo mpiara-miasa taminy tamin'ny fampijanonana ny fampianarana nandritra ny andro maro. Teo anoloan'ny asa marobe vitan'ny "proviseur" teo aloha, nankasitrahin'ny mpiara-miasa taminy sy ireo mpianatra maro be ny ezaka vitan'i Guy Andriantsoa. Nilaza ireo mpiara-miasa aminy fa anisan'ny nanome lanja ny ekipa mpiara-miasa taminy izy ary nisy fiantraikany tamin'ny taham-pahafahana fanadinana tao amin'ny lycée izany. Azo atao fakan-tahaka ny ezaka tsara vitany ary ho tohizana ny fanomezandanja ny ekipa misahana ny fampianarana. Fiaraha-mientan'ny rehetra tokoa ny asa fanabeazana raha tiana ny hahomby indrindra amin'izao volana vitsy tsy hahatongavan'ny fanadinam-panjakana Bakalorea izao.

**Nath**



**Ny "proviseur" vaovao sy ny taloha ao amin'ny Lycée Mixte Diego.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny ankohonako aloha no ataoko voalohany. Manaraka ao aoriana ny hafa sisa ilaina. Avy eo ho hitanao fa handeha ho azy avokoa ny vinavina rehetra sy izay mbola hokasaina."

*Ny Vetso (08.09.16)*

("I've always put my family first and that's just how it is." Jaime Lee Curtis)

Ambatomainty - Ikalamavony

# Mahatratra hatrany amin' ny 15km ny halavan'ny andiam-balala

Fokontany telo ao amin'ny kaominina Ambatomainty distrikan'Ikalamavony no ahitana ireo andiam-balala amin'izao fotoana izao dia ny fokontany Ranotsara, Sakamadio ary Ambatomainty. Araka ny fanazavan'ny ben'ny tananan' Ambatomainty, Razafindralandiharison Celestin, manodidina ny 15km ny halavan'ny andiam-balala misy ary eo amin'ny 1 km mahery eo ny sakany farany kely any an-toerana. Tamin'ny heriny anio no nisy fiaramanidin'ny mpamono valala tonga tany an-toerana. Misy ireo olona mpamono valala mitondra gaz ihany aty saingy tsy mahovoka firy satria efa tena be loatra ny velaran-tany misy ireo andiam-balala ireo. Mandroaka ireo valala ihany koa ny vahoaka saingy tsy zaka roahina intsony ary ny tena manahirana mihinana ny vary afara izy ireo amin'izao fotoana izao. Eo anoloan'izany fahavoazana goavana mahazo ny mponina any Ambatomainty, manao antso avo amin'ny minisitera tomponandraikitra ny ben'ny tanana any an-toerana mba hamerenana indray ireo angindim-by mandraraka fanafody faran'izay haingana mba tsy haharipaka ireo fambolena kely ataon'ny vahoaka.

**Nath**

Fihaonamben'ny " Taxi "

# Tsy hanatrika ireo mpikamban'ny FTAR

Hotanterahana anio ao amin'ny Kianja Mitafo Mahamasina ny fihaonamben'ireo mpisehatra amin'ny taksy eto Antananarivo Renivohitra. « *Olona mandeha amin'ny fiara taksy tamin'ny faramparan'ny herinandro no mizara ny fanasana, izay sady tsy misy fitomboka no tsy misy anarana. Tsy fahalalam-pomba izany aminay. Alalana avy amin'iza no hahafahany mampiantso fivoriana ny taksy. Ny hany fikambanana tena nahasolo tena sy niady ho an'ny taksy hatramin'izay anefa dia ny FTAR (Fikambanan'ny Taxi eto Antananarivo Renivohitra) ary manana ny fahefahana rehetra hamory ny taksy manerana an'Antananarivo. Manana mpikambana an'arivony izahay raha am-polony ny an'ny fikambanana hafa. Efa reraka sy tata-bava izahay tao anatin'izay telo taona sy tapany izay niresahana tamin'ny mpitantanana ny tanànan'Antananarivo mikasika ny olan'ny taksy. Efa noresahana ny momba ny taksy môtô fa vao mainka nomena alàlana, ny toeram-piantsonana nahena, ny famoahana ny taratsy fahazoan-dalana mihitsoka efa ho roa taona, sns. Famahana olana no tena resahana amin'io fihaonambe io, kanefa iza no namorona ny olana ? Tsy iza fa ireo mpitantana ny tanàna ihany. Tsy azo rebirebena amin'izany izahay ary efa nafarana ireo mpikambana tsy ho avy.*", hoy i Clémence Raharinina, filohan'ny FTAR. Anio amin'ny 9 ora maraina no hanomboka ny fivoriana raha ny hita tao anatin'ny taratasy fanasana azon'ireo mpamily. Ny famahana ny olan'ny mpisehatra taksy miaraka amin'ny tomponandraikitry ny tanànan'Antananarivo no lahadinika amin'izany.

**R. Muray**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia... Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-16)

* Kilalao, korontana, lamba, vy, firizidera, debara, boky. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-12)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 532/10-2)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc.... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 534/10-2)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-10)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 547/6-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-12)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 545/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 545/6-4)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 545/6-4)

Arivonimamo

# Lehilahy maty nananton-tena tao an-tranony

*Ny fofona maimbo nanenika ny teny amin'ny manodidina no nanaitra ny mponina.*

Mbola anatin'ny fanadihadiana ny tranga ny mpitandro ny filaminana ao Arivonimamo mikasika ity fatin-dehilahy iray hita niantona tao antranony ihany tao amin'ny fokontany Kianjamalaza kaominina Ambatomirahavavy, distrika Arivonimamo, ny sabotsy lasa teo. Raha ny fanadihadiana nataon'ny dokotera nanao ny fizahana ny tranga dia efa 10 andro talohan'ny nahitana ny razana no namoy ny ainy ity lehilahy ity. Nianton-tenda izy ary nifatotra tady irery tao an-tranony. Tsy nisy nahita ny zavaniseho fa efa fofona maimbo nivoaka tety ivelan'ny manodidina no nanaitra ny mponina. Rehefa nampandrenesin' ny olona ny lehiben'ny fokontany dia niantso ny zandary. Nandritra ny fidinana teny antoerana no nahitana fa nihidy avy ao anatiny ilay trano ka voatery nopitsohan'ny fianakaviany avy eny ivelany. Lehilahy iray sahabo ho 31 taona no hita faty tao, nanao « blouson » fotsy sy patalohamanga.

**Namono tena !**

Nifatotra tady amin'ny « plafond » ny tendany ary tsy nitehina tamin'ny tany intsony ny tongony ka nahitana seza nianjera teo akaikiny. Marihina fa tsy nahitana ratra na mangana ny vatany saingy efa simba tanteraka ny razana sady nivoaka lava be ny lelany. Raha ny fanazavana hatrany dia mipetra-drery ity lehilahy ity fa tsy manambady. Voalaza fa somary tsy salama saina ihany koa izy ary efa notsaboina tamin'io aretiny io. Nahitana taratasy miisa 3 misy hafatra sy teny soratra masina teo ambony fandriany izay misy ny anaran'ilay namoy ny ainy sy ny soniany. Hatreto dia famonoan-tena no heverina ho nataon'ity lehilahy ity. Efa natolotra ny fianankaviany ny razana. Misokatra ihany koa ny fanadihadiana.

**Ariel D.**

Ampitatafika

# Sarona ilay lehilahy mpamongady rongony

Lehilahy iray 44 taona izay voalaza fa mpamongady rongony no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina Anosy teny Ambohimangidy Ampitatafika ny zoma lasa teo. Mbola tratra tany aminy ireo rongony rarany milanja 212 kilao.
Mitohy hatrany ny fanenjehana ireo olon-dratsy mivarotra zava-mahadomelina eto an-drenivohitra. Nahazo loharanom-baovao araka izany ny polisy mikasika ny fisiana lehilahy iray mpamongady rongony. Nandehanana tany amin'ilay toerana voalaza ary nisy avy hatrany ny vela-pandrika ka io nahasaronana ireo rongony ireo sy nahatratrarana ity lehilahy iray ity. Taorian'ny fisamborana dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana ralehilahy ka nandritra izany no nilazany fa ny zanak'anabaviny mipetraka any Toliara no mandefa ireo zava-mahadomelina ireo aty aminy. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Miparitaka ny fitaovam-piadiana

# Lehilahy iray mpanamboatra basy trà-tehaka niaraka amin'ny fitaovana maro

Manoloana ny firongatry ny tsy fandriampahalemana saika manerana ny faritra maro eto amin'ny Nosy dia misy ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana hiadiana amin'ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana. Vokatr'izany, lehilahy iray mpanamboatra basy vita gasy no tra-tehaky ny zandary tao Bevoly, kaominina Ejeda any amin'ny distrikan'Ampanihy-Andrefana. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahatrarana azy ity. Rehefa natao ny savahao ny tranony dia mbola nahitana basy poleta miisa roa, izay mbola eo andalam-panamboarana. Tratra ihany koa ireo fitaovana maro ampiasainy amin' ity fanamboarana basy ity.

**Efa misy mpandray**

Fantatra fa efa misy mpandray ireo fitaovam-piadiana amboarin'ity lehilahy ity. Saika ireo jiolahy sy dahalo no tena mpanjifa izany. Anisan'ny antony mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana. Efa betsaka ireo basy sy bala tratran'ny mpitandro filaminana saingy mbola maro ireo miparitaka, izay saika basy vita gasy ny ankamaroany. Mbola mitohy hatrany araka izany ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana hamongorana izany. Raha ny voamarika tokoa mantsy dia saika mitondra fitaovam-piadiana avokoa ireo jiolahy sy dahalo rehefa manao ny asa ratsiny. Hatramin'ireo mpanendaka aza dia efa mampiasa basy mba hahazoany, izay tadiaviny.

**R. C**

Farafangana

# Nokapain'ny namany tamin' ny famaky ilay jiolahy

Dimy lahy nitondra zava-maranitra no tra-tehaky ny andrimasom-pokonolona tao Morondrano, kaominina Sahamadio, distrikan'i Farafangana ny Alahady lasa teo. Nitondra gony efatra feno entana izy ireo, izay nikasa hiampita ny ranon'i Menambavana. Raikitra ny fanenjehana azy ireo. Tsy naharaka hazakazaka anefa ny iray ka nokapain'ny namany tamin'ny famaky ary naratra mafy vokatr'izany. Mbola nitohy hatrany ny fanenjehana nataon'ny fokonolona azy ireo. Tsy afaka intsony ny iray tamin'ireo olon-dratsy ka nikasa hanohitra ireo fokonolona. Tonga dia tratry ny fitsarambahoaka teo io ka maty vokatr'izany. Voasambotra kosa ireo namany telo sisa ary ilay iray naratran'ny namany efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly.

**R. C**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 072 - 05 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

*Nahandro*

## Trondro lafihana anandrano

**Zavatra ilaina :** trondro , anandrano ; voatabia ; tongolo ; menaka ; tongolo gasy

**Fikarakarana :** Kikisana, dia diovina tsara ny trondro. Sasana madio ihany koa ny anandrano, atao amin'izay tetika ilaina azy. Arotsaka ny menaka, rehefa izany dia alefa ny tongolo egypta sy ny voatabia. Alahatra eo amboniny ny anandrano voatetika. Rehefa izany, alahatra eo ambonin'io ny trondro efa voadio. Araraka eo ambony ny tongolo gasy. Araraka ny sira. Avela ho ritra tsara vao esorina atao laoka.

Fivarotan'olona an-tsokosoko

# Zazakely roa saika hamidy 2 800 000 ariary amin'ny vazaha

Zazakely roa no saika hamidy 2 800 000 ariary any amin'ny vazaha. Araka ny fantatra dia nisy mpivady nanana zaza menavava roa. Tsy fantatra mazava aloha hatreto izay ray aman-drenin'ireo zaza ireo sy izay nahazoan'ireto mpivady ireto an'ireo zaza ireo fa nokasainy hamidy tamin'ny vazaha izay mipetraka any an-dafy ireo zaza ireo. Rehefa nisy ny fifampiresahana teo amin'izy ireo sy ilay teratany vahiny haka ilay zaza dia nifanaraka tamin'ny vidin'ireo zaza ny roa tonta ary fantatra fa halefa any ampitandranomasina ireo zaza ireo. Dia nitady ny irika rehetra hahafahana mandefa ireto farany izy mivady tamin'izany. Ny rafozam-baviny no niaraka niray tsikombakomba tamin'izy ireo nandeha nanao ny taratasy sandoka momba ilay zaza ary niresaka tamin'ny dokotera izy ireo mba hahavitana izany taratasy izany.

*Ny rafozam-baviny no niray tsikombakomba tamin'izy ireo nanao ny taratasy sandoka momba ilay zaza.*

**Tsy nety lasa**

Na izany aza anefa dia tsy nety lasa tany an-dafy mihitsy ireo zaza ireo ka ny hany herin'ireto olona ireto dia notazoniny tao an-tranony ireo zaza ary notezain'izy ireo tao. Nandeha anefa ny andro sy ny volana maromaro ka nieritreritra ny tsy hitazona an'ireo zaza indray izy ireo fa hitady olona vonona hanangan-jaza. Araka ny fantatra hatrany, 11 volana taty aoriana dia nandefa "publication" tao anaty facebook ireo olon-dratsy ka nilaza ireo fa manana zaza ho an'izay olona vonona hanangan-jaza. Tsikaritry ny polisy io filazana tao anaty facebook io ka narahin'izy ireo maso hatrany ary tonga tamin'ny fisamborana azy mivady sy ny rafozam-baviny. Nentina nofotorana tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo ka tamin'ny alalan'izany ihany koa no nisamborana ilay dokotera nanao ny taratasy hosoka. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Jeneraly Rakotoarijaona Josoa

# Nankahery ireo miaramila sy sivily 2 voatifitra

Nitsidika sy nankahery ireo miaramila sy sivily 2 naratra voatifitra vokatry ny fifandonana tamin'ny dahalo ny Minisitry Fiarovam-pirenena ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa sy ny Lehiben'ny etamazaorin'ireo Tafika ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin ary ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Tafika Malagasy. Manaraka fitsaboana ao amin'ny « Cenhosoa » ireo maratra ireo saingy efa tsy misy atahorana. Niharan'ny tifitra nataon'ny dahalo tao Antsahatapaka kaominana Ambanivotry Mahajeby, distrikan'ny Tsiroamandidy ity miaramila ity , izay miasa eo anivon'ny « Bataillon du génie » sy ireo sivily nanampy tamin'ny fanarahan-dia. Nalaina tamin'ny angidimby mihitsy izy ireo taorian'izay ary tsaboina etsy amin'ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana. Tonga nampahery azy ireo sy nirary fahasalamana ny Minisitry ny fiarovam-pirenena ary nisaotra ihany koa tamin'ny asa izay notanterahan'ireto miaramila teny an-kianja ho fampandriana fahalemana.

**Ariel D.**

midigazetikom@gmail.com

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

May




## Hatsikana an-tsary

Vatana mangatsiaka




## Masoandro Miposaka

**1 Korintiana 12 : 4-6**

**Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny lemilemin-dRadity no mahafaty an-dRavorona.**

C'est la tendresse de la glu qui fait périr l'oiseau.

*Les deux mots : glu et oiseau, sont personnifiés dans ce proverbe.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2945

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 5 | | | | | 1 | | 8 |
| 1 | | 8 | | | | | | 3 |
| | | 3 | | | 6 | | | |
| | | | | 6 | | 7 | | 9 |
| | 2 | | | 3 | 8 | | | |
| | | | 7 | | | | 5 | |
| 3 | | | | | | | 2 | |
| 9 | | | | | | | | |
| 2 | 4 | | 5 | | | | | 6 |

Valin'ny laharana 2944

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | 8 | 1 | 5 | 3 | 2 | 4 | 9 |
| 9 | 4 | 5 | 8 | 2 | 6 | 7 | 3 | 1 |
| 3 | 2 | 1 | 9 | 4 | 7 | 6 | 5 | 8 |
| 5 | 8 | 7 | 4 | 6 | 9 | 1 | 2 | 3 |
| 2 | 3 | 9 | 5 | 1 | 8 | 4 | 6 | 7 |
| 1 | 6 | 4 | 7 | 3 | 2 | 8 | 9 | 5 |
| 4 | 5 | 3 | 2 | 8 | 1 | 9 | 7 | 6 |
| 7 | 1 | 6 | 3 | 9 | 4 | 5 | 8 | 2 |
| 8 | 9 | 2 | 6 | 7 | 5 | 3 | 1 | 4 |

Vondrona Eorôpeana

# Tsy mandà ny tetezamita raha hifanarahan'ny herivelona rehetra

*Manomboka voizina indray tato anatin'ny andro vitsivitsy ny fananganana rafitra tetezamita hanomanana fifidianana. Nitondra ny heviny mikasika izany ny Vondrona Eorôpeana, omaly.*



Na dia efa nanome toky ny hahatanteraka ny fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity aza ny fitondram-panjakana sy ny Ceni, dia tsy vitsy ny kandidà sy ny olom-pirenena no mametraka ny ahiahiny amin'ny mety tsy hahatanteraka izany. Antony, tsikaritra ho mbola tsy ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny mpitondra ny fanomanana izany, raha tsy hilaza afa-tsy ny olana eo amin'ny hoenti-manana. Ny mpiara-miombona antoka avy any dilambato, etsy andanin'izany hita ho mailo amin'ny fanohanana io latsa-bato voalaza eo ambony io ary mbola malaindaina hamoaka vola. Tato anatin' ny andro vitsivitsy indray izao, tsikaritra ho misy mpanao pôlitika manao izay fomba tsy hahatanteraka izany fifidianana izany amin'ity taona ity mihitsy, raha tsy hilaza afa-tsy ny fikononkononana fananganana rafitra tetezamita hanomanana io latsa-bato io hono. Mazava anefa fa rehefa tafapetra io rafitra tetezamita io, dia ho raikitra ny ady seza eo amin'ny samy mpanao politika ka na tiana na tsy tiana dia tsy maintsy hihemotra ary tsy ho tanteraka amin'ity taona ity indray ny fifidianana. Omaly, nitondra ny heviny manodidina izany mety ho fametrahana rafitra tetezamita hanomanana fifidianana izany ny SEM Isabelle Delattre Burger, Ambasadaoron'ny Vondrona Eorôpeana miasa sy monina eto amintsika raha nanontanian'ny mpanao gazety teny amin'ny trano fiasany eny Ankorondrano.

**Mandala ny demokrasia**

Notsipihany tamin'izany fa mandala ny demokrasia ny Vondrona Eorôpeana ka raha hifanarahan'ny herivelona rehetra eto amin'ny firenena, ahitana ny governemanta sy ireo mpisehatra ara-politika na mpomba ny fitondrana na mpanohitra ny fananganana izany rafitra tetezamita izany dia mety ho tohanan'izy ireo. Na izany na tsy izany, notsipihan'io diplomaty vahiny io fa safidin'ny Malagasy samirery ny firosoana na tsia amin'ny fametrahana izany governemanta iraisana hanomanana fifidianana izany koa tsy manao ary tsy hanao tsindry amintsika momba izany mihitsy izy ireo. Mikasika ny fanoahana ara-bola ny fifidianana indray, nilaza ny SEM Isabelle Delattre Burger fa tsy mandà ny hamampy antsika ry zareo Vondrona Eorôpeana ary vonona ny hitondra ny anjara birikiny ka hampahafantariny tsy ho ela ny momba izany. Etsy andanin' izany, marihana fa hankalaza ny Andron'i Eorôpa ny Vondrona Eorôpeana anio 9 Mey. Ho fanamarihana izany, dia hikarakara karazana hetsika manome fahafahana ny olom-pirenena hahita sy hiaina ny Vondrona Eorôpeana eny amin'ny Parvis Analakely ireo mpisehatra ao anatin'izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mifamahofaho !

**Enim-bolana eo ho eo mialoha ny daty tokony hanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena, mifamahofaho ny vaovao pôlitika. Misy ny feo mandeha fa tsy vonona hanatanteraka fifidianana ny mpitondra ankehitriny ary efa miketrika tetezamita. Na dia mbola azo lazaina ho honohono aza io vaovao io dia efa nampahafantarina ny mpanao pôlitika voalaza fa ao ambadik'izany. Eny hatramin'izay ho filohan'ny tetezamita aza. Ny fianakaviambe iraisam-pirenena moa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny Vondrona Eorôpeana dia efa nilaza ny heviny, amin'ny fomba ankolaka fa tsy te-hiditra amin'ny raharaha tokatranon'ny Malagasy. Nilaza mantsy ny maso ivohon'io vondrona io fa manohana ny fananganana tetezamita, raha ifanarahan'ny hery velona rehetra eto Madagasikara. Amin'ny maha diplômaty azy koa anefa dia nampiseho ny fahavononany hanampy amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ny Vondrona Eorôpeana, na dia mbola tsy nanonona ny bolongam-bola ho fandraisany anjara amin'izany. Aty amin'ny fanoherana, mifamahofaho sy mizarazara ihany koa ny hevitra. Ny ampahany, mitaky fifidianana amin'ity taona ity, araka ny voalazan'ny Lalampanorenana, saingy mitaky ny hanovana ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana sy ny ao amin'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana. Tanjona ny hisorohana ny mety ho fitanilana ka hitarika krizy aorian'ny famoahana ny voka-pifidianana. Ny zavamisy hita eny amin'ny fiarahamonina eny dia ny mpanao pôlitika no sahiran-tsaina na hisy na tsy hisy fifidianana, ary na ho tetezamita fa ny vahoaka, indrindra ny tantsaha kosa tsikaritra ho difitry ny fahantrana tanteraka ary mahatsiaro ho tsy misy mpijery !**

Voahangy Rakotozafy

CENI

# Tsy misy ny lisitra fanampiny ao Toliara II

Manolonana ny fanambarana nataon'ny mpanao politika sasany, izay mivoy fa misy lisitra fanampiny atao amin'ny fokontany 1 000 ao Toliara. Nandriso marindrano izany ny eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI) ary nanitsy fa tsy misy izany lisitra fanampiny izany velively ao Besasavy Mitsinjo Betanimena Toliara II. Fanavaozana lisi-pifidianana no natao. Nandritra ny fidinana ifotony naton'ny CENI tany an-toerana nanomboka ny faran'ny herinandro teo no mbola nanambarany, fa fokontany 41 tao Toliara I no nanaovana ny fanavaozana ny lisi-pifidianana ary mizotra tsara ny asa ankehitriny. Mbola nandritra izany fidinana ifotony izany no nanazavan'ny CENI tamin'ireo mpanao politika, ny andraikitra sahaniny sy nanolorany ireo porofo manamarina ny tsy fisian' izany lisitra fanampiny izany any an-toerana. Nanambara ihany koa ny teo anivon'ny ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, fa efa nisy ny fepetra no raisina mahakasika ity raharaha ity. Notsiahivin'ny lehiben'ny Boriboritany Mitsinjo Betanimena, fa tsy maintsy mahazo fankatoavana avy amin'ny minisitera ny fanangana fokontany vaovao ary maro ireo fepetra takina amin'izany.



**Nandritra ny fidinana ifotony nataon'ny CENI tany Toliara, notarihin'Atoa Laza Rabary, filoha lefitra fahatelo sady mpiahy ny faritanin'i Toliara.**

**Fanaratsiana ny faritra**

Ankoatra izay, nananamafy ireo zanaky ny faritanin'i Toliara, fa tsy mitombona ny fanambaran'ireo mpanao politika sasany ; hoe faritra fanaovana hala-bato ny faritanin'i Toliara. « *Fanaratsiana ny faritra sy fanaovana tsinontsinona ny zon' ireo mpifidy izany, tsy mbola misy olom-pirenena manana porofo marina na ny zanaky ny faritra na ireo any amin'ny faritra hafa amin'ity resaka hala-bato ity, ka tsy tokony hatao fitaovana politika ny faritanin'i Toliara.* », hoy hatrany izy ireo. Manoloana ny ahiahain'ireo mpanao politika ireo, manao antso avo amin'ny fiarahamonim-pirenena, mpanao politika ary ny olom-pirenena tsy ankanavaka ny CENI, mba ho sahy handray ny andraikiny raha toa ka mahatsikaritra tsy fahatomombanana, na mampiahiahy ao anatin' izao fanomanana ny fifidianana izao. « *Vonona izahay ny hihaino sy hamaha olana raha toa ka misy izany* », hoy Atoa Laza Rabary, filoha lefitra fahatelo ao amin'ny CENI sady mpiahy ny faritan' i Toliara.

**Miampita ranomasina**

Ankoatra izay, mponina maherin'ny 300 ao anatin'ny fokontany Lovokampy distrikan'ny toliara II no manahy ny mety tsy hahafahany mifidy raha toa ka latsaka ny orana ao antin'ny fotoampifidianana satria voatery miampita ranomasina. Mangataka ny hisian'ny birao fandantsaham-bato roa ny lehiben'ny fokontany Lovokampy, Fribon Donné, mba hialana amin'izay olana izany. **Nangonin'i Niry R.**

Antoko Arema

# Mitaky ny hanovana ireo mpikamban'ny HCC sy ny CENI

Isan'ny antoko politika nanolotra soson-kevitra ho entina miatrika ny fifidianana tany amin'ny FFKM ny antoko AREMA tarihan-dRtoa Annick Ratsiraka. Takian'izy ireo ao anatin'izany ny fanovana ireo mpikamban'ny Fitsarana Avo momba ny lalàmpanorenana (HCC) sy ny Vaomierampirenena mahalehotena misahana ny fifidianana na CENI. Hamafisin'izy ireo fa ilaina ny tsy fiandanian'ny andrimpanjakana izay natao hikarakara ny fifidianana. Efa nanambara ity antoko ity fa vonona handray anjara amin'ny fifidianana ho avy. Izay no mahatonga azy ireo mametraka fepetra. Tsy voalohany moa no nisy antoko politika avy amin'ny mpanohitra nitaky ny tokony hijerena ny firafitr'ireo mpikamban'ny HCC sy ny CENI. Efa nanao tahaka izany koa ny antoko MTS sy ny MMM. Raha tsiahivina, efa miroso amin'ny dingana faharoa ny fikarakarana ny dinika antampony ataon'ny FFKM. Hiroso amin'ny fankan-kevitra eo anivon'ny Faritany FFKM ireo Lehibem-piangonana amin'ity volana may ity. Aorian'izay no hanatanterahana ny ny fihaonana eo amin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny volana aogositra.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# Lahatsoratry ny Masoivoho rosiana eto Madagasikara, Andriamatoa A.V.Andreev "Momba ny anjara-toeran'I Rosia eo amin'ny fanamafisana orina an'izao tontolo izao marolafy sy momba ny fifandraisan'I Rosia sy Madagasikara"



Efa 78 taona izao no nankalaza ny andron'ny faha 9-n'ny volana mey, izay fety lehibe any amin'ny taninay izahay – Andro Fandresena tamin'ny Ady Lehibe ho an'ny Tanindrazana. Efa ho 6 taona ny naharetan'izany ady izany ka ny Firaisana Sovietika no nanana anjara-toerana lehibe tamin'ny famaranana izany, nandresena an'I Alemana fasista. Rà latsaka sy aina nafoy no tambin'ny fandresena. Manakaiky ny 27 tapitrisa ny mponina tany aminay no maty teo am-piarovana an'izao tontolo izao nanohitra ny fasisma. Fantatray fa ny vahoaka Malagasy izay monina an'arivo kilaometatra avy any Eraopa dia nandray anjara tamin'izany fandresena izany koa. Ankehitriny, tsy misy tsy resy lahatra fa iny ady iny dia sedra lehibe ho an'izao tontolo izao tamin'ny taonjato faha XX, ary nihatra tamin'ny rehetra tsy misy ankanavaka.

Miaramila sovietika an-tapitrisa no namoy ny ainy mba hanafahana ny eraopeana teo ambany ziogan'ny fasisma. Ankehitriny maro amin'ny firenena eraopeana no manolo-kevitra hanadinoina izany, ary misy aza ny te handiso ny tantara , hanome tsiny ny fandraisan'ny taninay anjara tamin'izany. Hanohitra amin'nu herinay rehetra izany fikasana izany izahay. Ny lesona lehibe tsoahina avy amin'iny Ady Lehibe Faharoa iny dia ny tsy hifohazana ny foto-kevitra fasista mandrakizay.

Izany indrindra ankehitriny no mahavoatery anay hanatanteraka hetsika manokana ara-tafika any Okraina. Miroso ny tolona ho an'i Rosia, ho an'ny fandriam-pahaleman'ny teratanin'i Donbass, ho an'ny famongorana ny fasisma sy ny fampitsaharana ny ady ara-tafika ao Okraina, mba tsy handrahona anay sy ireo firenena maro hafa mandala ny fandriampahalemana ny fankahalana an'i Rosia, izay noforonin'ny tany tandrefana eto am-baravaran'ny taninay, ary tsipihina manokana amin'izany ny fampiasana fitaovam-piadiana biolojika sy atomika. Manoloana izany dia voatery izahay mifanandrina amin'ny ady ara-toe-karena sy ny ady amin'ny fanaparitaham-baovao tsy mbola nisy toa azy.

Mitranga izany ankehitriny noho ny fiezahan'ny tany tandrefana manohy ny fanjakazakany, ny fanelingelenany ny fandrosoana sy ny fanamafisana orina ireo ivo vaovao eran-tany. Ary ny fiafarany, dia ho an'ny tombon-tsoany manokana, mba ahazoany manery an'izao tontolo izao hanaiky rafitra tokana – dia ny fanjanahantany amin'ny endriny vaovao.

Mazava , noho izany, ny lalan-kizoran'ny tandrefana mankamin'ny fitsabahana amin'ny raharahan-tokantranon'ny fanjakana mahaleotena, ka anisan'izany, amin'ny alalan'ny hetsika fanonganana izay fitondram-panjakana azo kihanina, amin'ny alalan'ny fampiharana sazy tsy misy fepetra sady tsy ara-dalàna, ary koa amin'ny alalan'ny teknolojia maloto, dia ny "adin'ny fanaparitaham-baovao". Efa niainana sahady tany amin'ny firenena maro eran-tany ny vokat'rizany, toy ny tany Kioba, Venezuela, Yougoslavie, Irak, Afghanistan, Lybie sy Syrie, ary koa tany amin'ny firenena afrikana sasany.

Nampiasain'ny mpitondra any Etazonia sy any amin'ny Vondron'ny tany Tandrefana I Okraina mba hifehezana an'i Rosia moderna. An-taona maro no nampirisihany ny fitondram-panjakana nazi amin'ny endriny vaovao, izay tonga teo amin' ny fitondrana vokatry ny fanonganam-panjakana mifanohitra amin'ny lalam-panorenana tamin'ny volana febroary 2014. Notarihin'izy ireo i Okraina ho any amin'ny vondron'ny OTAN , ary novatsiany fitaovam-piadiana fanafihana. Izany hoe natosik'izy ireo i Okraina ho amin'ny vaha olana ara-tafika momba ny "olana ao Donbass", ho amin'ny famongorana ireo teratany rosiana monina ao ary nanohitra ny vokatry ny fanonganam-panjakana.

Eo an-danin'izany, na teo aza ny fiantsiana mazava nataon'I Etazonia sy ny forongony, ary koa ny fanitarana mihoa-pampana ny ambaindain'ny OTAN manoloana ny fanosihosena ireo toky nomena anay, dia niezaka hatramin'ny farany izahay mba hampihena ny fihenjanana any Eraopa. Ho amin'izany indrindra no nanehoan'i Prezidà V.V.Poutine tamin'ny volana desambra 2021 ny fahavononany hanolotra ho an'i Rosia sy ho an'I Okraina toky fiarovana ny faritra andrefan'ny tany roa tonta araka ny lalàna velona. Kanefa dia nolavina tamim-piavonavonana izany satria i Kiev dia efa nanomana ny vaha olana ara-tafika momba ny antsoiny hoe "olana ao Donbass".

Tsy nisy azonay natao afa tsy ny fanekena ireo Repoblika entim-bahoakan'i Donetsk sy Lougansk, ny nanao fifanaraham-pifankatiavana sy fifanampiana , ary ho valin'ny fangatahana ofisialy nataon'izy ireo, dia natomboka ny hetsika manokana ara-tafika , izay mifanaraka amin'ny andininy faha -51 ao amin'ny Dinan'ny Firenena Mikambana. Ny tanjona dia ny fiarovana ny rosiana sy ireo olona miteny rosiana tsy ho ripaka eo amin'ny tany izay nonenan'ny razany efa an-jato taona, ary koa ny fanafoanana ny rahon'ady mitatao amin'i Rosia any amin'ny faritra andrefan'ny taninay.

I Rosia, izay niaina ny vesatry ny ady lehibe faharoa dia tsy maniry intsony ny hiverenan'izany toe-javatra mampihoro-koditra izany. Tsy mikatsaka ny haka ny tanin'i Okraina izahay, na koa hanongana ny fitondram-panjakana ao Kiev. Ambonin'izany, mifanohitra amin'ny afitsoky ny miaramila okrainiana, dia mitandrina fatratra tokoa izahay mba tsy hiaran'ny hetsika ara-tafika ny mponina tsy miady sy ireo foto-drafitrasa.

Araka izany, hatrany am-piandohana i Rosia no niaro ny foto-kevitra handaminana ny fifanolanana amim-pilaminana ary vonona koa hanohy ny dinika ho amin'izany. Indrisy anefa fa tsy naneho faniriana ny hifanaraka akory ny fitondram-panjakana okrainiana izay tohanan'ny tany tandrefana. Vao mainka aza nohamafisin'i Kiev hatrany amin'ny fitondrana mpanao lalàna



Vladimir Poutine, Filohan'ny Federasion'i Rosia sy Andriamatoa Andry Rajoelina, Filohan'ny Repoblikan'I Madagasikara , miaraka amin'ireo mpitondra Fanjakana afrikana nandritra ny fihaonana an-tampony Rosia – Afrika tany Sotchi tamin'ny 24 oktobra 2019.

ny fandraràna tsy hifampidinika. Manoloana izany dia manohy hatrany ny famatsiany fitaovam-piadiana miavosa an'i Okraina ny tany tandrefana, torak'izany koa ny fandefasana mpikarama an'ady ary koa ny fampirisihana ny fitondram-panjakana okrainiana hiady hanohitra an'i Rosia hatramin'ny fara-heriny raha mbola misy koa ny miaramilany. Manoloana izany dia voatery izahay nanohy ny hetsika manokana ara-tafika any Okraina, izay kendrena hiarovana ny filaminana any amin'ireo faritra rosiana.

Hita mazava fa izao zava-miseho any Okraina sy ny manodidina azy izao dia ampahan'ny tolona ho amin'ny ho avy,raha jerena amin'ny lafiny iraisam-pirenena. Mipetraka ankehitriny ny fanontaniana: Ho tena ara-drariny sy demokratika tokoa ve ny lamina eran-tany, araka ny takian'ny Dinan'ny Firenena Mikambana, izay manambara ny fitovian-jon'ny fanjakana rehetra? Sa ve ny fanjakana any amin'ny tany tandrefana ho afaka hanatanteraka ireo kinendriny amin'ny alalan'ny fanambakana ny hafa ka hitavana ny fananan'izy ireny ho an'ny tombontsoany manokana?

Fantatry ny mpitondra fanjakana maro izany, izay manatanteraka ny vinany miankina indrindra amin'ny fahazoany tombontsoa manokana. Ampy ny milaza fa ny telo ampahefatry (3/4) ny firenena eto ambonin'ny tany, anisan'izany ny afrikana namantsika, dia tsy niombon-kevitra tamin'ny fanasaziana noho ny fankahalana rosiana.

Ankasitrahanay ny fiezahan'I Madagasikara nanohitra ny tsindry tsy nisy farany nataon'ny firenena tandrefana ary tsy nombany na ny atsy na ny aroa mikasika ny zava-miseho any Okraina. Indrisy anefa fa tsy voaja araka ny tokony ho izy izany. Eto indrindra dia nandiso fanantenana



Ramatoa Yvette Sylla, Minisitry ny Raharaham-bahiny Malagasy sy Andriamatoa Andrey Andreev, Masoivohon'I Rosia eto Madagasikara. (Febroary 2023)

anay ny latsabato nataon'I Madagasikara farany teo tao amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana ka nanohanany ny fanapahan-kevitra tena miandany amin'ny tandrefana amin'ny antsoin-dry zareo hoe fandaminana ny raharaha any Okraina am-pilaminana. Hita mazava fa tsy drafi-pandaminana am-pilaminana velively io fanapahan-kevitra io, satria tsy hita soritra mihitsy ao anatin'io drafitra io ny hevitra toy ny hoe "fifanakalozan-kevitra", "filaminana", "antso ho amin'ny fifampidinihana tsy misy fepetra am-boalohany", "tsy fanekena famatsiana fitaovam-piadiana ho an'ny faritra mampifanolana". Ny hanameloka ireo hetsika ataon'i Rosia no tanjon'izy io ka hanome fampitandremana an'I Rosia.

Ny mampalahelo dia miadana tokoa ny fandrosoan'ny tetikasa sy drafi-piaraha-miasa eo amin'i Rosia sy Madagasikara eto anivon'ny sehatra jeopolitika eran-tany manahirana. Na izany aza, manantena izahay fa ho azontsika ampitomboina ato ho ato ny fiaraha-miasa amin'i Madagasikara, ka anisan'izany ny fanomanana ny fivoriana an-tampony "Rosia – Afrika" izay hatao any Saint-Petersbourg amin'ny volana jolay ho avy izao. Eto anivon'izao ady ifangaroan-javatra samihafa novolen'ny tany tandrefana izao, dia efa maro ankehitriny ny asa mizotra isan'ambaratongany avy, mba hamoronana fitaovana sy rindram-piaraha-miasa vaovao miaraka amin'ny Fanjakana afrikana. Miomana ny hampiditra anatin'ny fandaharam-potoan' io fivoriana an-tampony io ny dinika momba ny fananganana rafitra vaovaon'ny lamina iraisam-pirenena izahay anatin'ny fepetra fanamafisana orina ny maha marolafy, ary anisan'izany ny filaminana eran-tany. Heverinay fa fotoana tena tokony handinihana ny hahatongavana amin'ny fahampiana ara-tsakafo sy ara- angovo izao; toy izany koa ny fahasalamana, ny fiaraha-miasa hampivoarana ny mahaolona, indrindra ny lafiny fampianarana, ny siansa sy ny fanabeazana. Manantena izahay fa hanaiky ny fanasana handray anjara amin'izany Andriamatoa Andry Rajoelina, Filohan'ny Repoblikan'I Madagasikara. Hanome ainga vao ho an'ny fampandrosoana ny fifandraisana rosiana – Malagasy izany.

Nanampy hatrany ny vahoaka malagasy tamin'ny lafiny maro i Rosia, nanohana azy tamin'ny tolona fanoherana ny gejam-panjanahan-tany, ny fanorenana toe-karena mahaleotena, ny fiarovana ny fiandrianam-pirenena sy ny maha iray tsy mivaky ny tanindrazana. Am-polo taona mahery izao no miorina hatrany hatrany amin'ny fifankatiavana, fitoviana sy fifanajana ny fifandraisantsika.




Tamin'ny taona lasa teo dia nomarihintsika ny faha 50 taonan'ny fifandraisana diplomatikan'ny tany roatonta. Manampy lalandava an'i Madagasikara amin'ny lafiny maha olona izahay, toy ny fanomanana olom-pirenena ho mpitantana, ka manolotra vatsim-pianarana 40 isan-taona ny fanjakana any aminay ho amin'izany. Torak'izany koa ny fanalana olana amin'ny lafiny sosialy sy ekonomika. Eo amin'ny lafiny iraisam-pirenena indray dia misy ny fiaraha-miasa ahitam-boka-tsoa. Manohana an'i Madagasikara amin'ny ezaka ara-drariny ataony hiverenan'ny fiandrianam-pirenena malagasy amin'ireo Nosy Malagasy i Rosia.

Marihinay amim-pifaliana ny fanamafisana orina ny fiaraha-miasa eo anivon'ny antenimieran'ny tany roa tonta. Porofon'izany ny fitsidihana nitera-boka-tsoa nataon'ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona tany Mosko, ary nandraisan'izy ireo anjara koa tamin'ny fivorian'ny parlemanteran'I "Rosia sy Afrika".

Raha atao indray mijery izay voalaza rehetra izay dia manana herijika isika hampivoarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny fambolena, jono, angovo, fikarohana sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, fizahantany. Maro koa ny azo atao hanitarana ny fanondranana entana avy aty Madagasikara mankany Rosia. Vonona izahay handinika ireo fangatahan'ny fitondram-panjakana malagasy mahakasika ny fahazoana mampiditra eto amin'ny nosy entana avy any Rosia toy ny zava-pihinana, ny voamaina, ny zezika, ny vokatra avy amin'ny solika, sy zavatra hafa ilaina amin'ny fiainana an-davanandro.

Ny zava-dehibe dia izay mampiombona antsika, - izany hoe ny fiaraha-miezaka hanamafy sy hanitarana ny rohim-pifankatiavana ary koa ny fiaraha-miasa amin'ny lafiny maro. Mino aho fa miatrika ho avy mamirapiratra ny fiaraha-miasan'I Rosia sy Madagasikara.



Ireo delegasion'ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholon'i Madagasikara tany amin'ny fivorian'ny antenimiera Afrika – Rosia tany Mosko (marsa 2023)